

9 jolay 2010.  
27 Tamouz 5770.

## Ny Soratra Masina : hany fiarovana ho antsika.

*"Ho amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, Dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina"* (Izaia 8: 20)

Nomena ny mpino ny tenin'Andriamanitra ho fiarovana amin'ny mpampianatra sandoka sy ny fanahy mamitaka. Satàna dia manao ny fomba rehetra hanakànana ny olona tsy ho zatra ny Soratra Masina izay mampiseho mazava ny tetiny. Isaky ny manao fifohazana ny vahoakan'Andriamanitra dia mampitombo indroa heny ny ezaka ataony izy ka manangona ny heriny rehetra ho amin'ilay fanafihany farany an'i Kristy sy ny mpianany. Antomotra dia antomotra izao ilay fitaka maty paika sy goavana indrindra. Hanatanteraka fahagagàna lehibe eo imason-tsika ny antikristy. Ny hala-tahaka dia saika mitovy tsy misy hafa amin'ny tena izy ka raha tsy ny Soratra Masina ihany dia tsy hita izay hanavahana azy. Amin'io ihany anefa no hahafantarana ny fahamarinan'ny fanambaràna sy ny fahagagàna tsirairay.

Hifanehatra amin'ny fanoherana sy esoeso ireo izay te hitandrina ny didin'Andriamanitra. Amin'ny fahatokiana an'Andriamanitra ihany no hahazoany mijoro. Mba hanatrehany ny fitsapàna ho avy dia tokony ho azony ny sitrapon'ny Tompo izay nasehony tao amin'ny Teniny. Tsy afaka hanome voninahitra an'i Jehovah izy raha tsy manana fahalalàna marina ny amin'ny toetrany,ny fitondram-panjakany ary ny fikasàny ka mampifanaraka ny fiainany amin'izany. Tsy misy afa-tsy ireo izay maka hery amin'ny fianarany ny Teny Voasoratra ihany no hahatohitra amin'ny fifanandrinana farany. Tsy maintsy hamaly izao fanontaniana mihatra aman'aina izao ny tsirairay : Hankatò an'Andriamanitra ve aho sa hanaiky ny olona? Higadona tsy ho ela ny ora hanapahana hevitra.Moa mitoetra eo amin'ilay vatolampy tsy mihetsika dia ny Soratra Masina ve ny tongo-tsika? Vonona hiaro ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy ve isika ?

Nolazaina mialoha mazava tsara antsika ny toe-javatra hitranga rehefa hifarana ny andro-pahasoavana sy ny fimanana ho amin'ny fotoana mahory. Saingy olona marobe no tsy hahafantatra io toe-javatra io raha tsy nambara izany. Miambina tsara Satàna hamafa ny marika mety hampahendry ny olona ho amin'ny famonjena ka tsy hatafaomana azy ireo amin'ny andro fahoriana.

Raha nandefa hafatra lehibe ho an'ity izao tontolo izao ity Andriamanitra, hafatra izay asehon'ny anjely manidina eo afovoan'ny lanitra, dia mitaky ny handinihan'ny olona tsirairay manan-tsaina izany. Ny famaizana mahatsiravina miandry ny mpiankohoka amin'ny bibidia sy ny sariny (jereo Apok. 14: 9 - 11) dia tokony hanosika antsika hianatra io faminaniana io ampitandremana fatratra, mba hahalalàna ny dikan'ny mariky ny bibidia sy ny ialàna amin'izany. Saingy maro no manapin-tsofina amin'ny fahamarinana fa aleony mihaino anganongano. Hoy ny apostoly Paoly mikasika ny andro farany: *"Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana tsy misy kilema"* ( 2Tim. 4:3) .Tonga ankehitriny io fotoana io. Tsy te hanandrana ny fahamarinan'ny Baiboly izay mifanohitra amin'ny fitiavana izao tontolo izao ny olona ka dia notoloran'i Satàna saritsarim-pivavahana mahafatifaty azy izy.

Mialoha ny hanekena foto-pinoana iray dia tokony ho azon-tsika antoka fa afaka mamaly mazava sy entitra ny hoe:"Toy izao no voalazan'i Jehovah " izany.

Na dia efa naverimberina imbetsaka aza ny fampitandremana amin'ireo mpampianatra sandoka dia mbola olo-marobe ihany no vonona hametraka fitokisana ny fiambenana ny fanahiny amin'izy ireo. Ankehitriny, kristianina anarany fotsiny an'arivony no milaza fa ireo mpitarika azy ara-pivavahana ihany no manam-pahefana ny amin'ny foto-pinoany. Mametraka ny fahatokiany eo amin'ny mpitandrina na pastorany izy ireo tahaka ny hoe tsy mety diso ery ireto ka manao anjorombala ny fampianaran'ny Mpamonjy. Manahirana azy mantsy ny mitady fahazavana ho an'ny tenany manokana ka dia voatarika tanteraka ho any amin'ny fahadisoan-kevitra izy. Hitany tsara ny fahamarinana ho amin'izao andro izao voavelabelatra mazava ao amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny herin'ny Fanahy Masina izay manaraka ny fitoriana izany, saingy noho ny fanoheran'ny mpitondra fivavahana dia nitodihany lamosina ny fahazavàna.

"Misy lalana ataon'ny olona ho mahitsy, Kanjo lalana mivarina any amin'ny fahafatesana no iafarany." (Ohab.16:25) Raha manana fahafahana isika hahafantatra ny fahamarinana ho amin'izao andro izao dia tsy manala tsiny ny fahadisoan-kevitra na ny fahotàna intsony ny tsy fahalalàna. Ny mpanao dian-tongotra izay tonga eo amin'ny sampan-dalana iray ka misafidy ny lalana izay heveriny fa marina kanjo raha tsy mamaky tsara ny tsato-by fanondroana izy dia hahita malaky fa hay diso ny lalany na dia teo aza ny fahatokisan-tenany.

Nomen'Andriamanitra antsika ny Teniny mba isika mihitsy no hahalala izay takiany amin-tsika.Ny fanontanian'ny mpampianatra jiosy iray an'i Jesosy nanao hoe: *" Inona no hataoko hahazoako ny fiainana mandrakizay ? "* dia novaliany hoe " Inona no voasoratra ao amin'ny lalàna? Ahoana no famakinao azy?" Ny tsy fahalalàna dia tsy manala tsiny na tanora na antitra. Tsy manafaka ny famaizana izay mihatra amin' ny mpandika ny lalàn'Andriamanitra na iza na iza izany indrindra fa ireo manana eo antanany famelabelarana matoky io lalàna io, sy ny fotopoto-pitsipika ao aminy ary ny fitakiany... Mila misiki-penitra hanao fikarohana ho an'ny tena manokana isika raha ny famonjena ny fanahy no resahina.

Ellen G. White La tragédie des siècles p 643 – 648

